

# FANOLORANA

HIRATRA, izany no anarana omena ity revio vaovao iandraiketana' ny Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy (STLRM) ao amin' ny Toeram-Pianarana Teny aman-tSoratra ao amin' ny Anjerimanontolo eto Madagasikara ity.

Ny HIRATRA, araka ny anarany, dia sady maso misokatra, mihiratra amin' ny zava-misy eo amin' ny sahan' ny teny sy lahabolana ary riba malagasy, no tara-pahazavana miposaka, mihiratra avy amin' izany zava-misy izany. Ilaina hobanjinina ka hodinihina maharitra izany zava-misy izany hitsirian' ny fahazavana manilo avy ao aminy.

Ny HIRATRA, hofadiny izay hoe hianina amin' ny famoahana akoran-javatra tsy voavaofy; hofadiny ihany koa izay hoe ho faly hampahalala fotsiny ny zavatra efa fantatra. Lahasa efa sahanina na mety hosahanin' ny revio sasany ny momba izany. Andraikitra hafa no atrehina eto, ka hampiasana ny tsangan-kevitra aman-tsikera samy hafa fenti-mikaroka : horasaina sy hodinihina ny vainga misy, ka hovoasana sy hohazavaina amin' izany ny endrika aman-toe-javatra misongadina.

Ny HIRATRA, amin' izay, dia hiezaka ho mizàna mahiratra tsy mitanila, araka ny anarany ihany, ka ho fomba fiasa mahàrapenitra ara-tsiansa no harahina eo am-pamelarana ny vokatra ny fikarohana ataon' ny mpiara-miasa ao aminy.

Ny HIRATRA, araka izany, satria mandia ny anarany, dia fitaovana eo am-pelan-tanan' ny mpikaroka mikatroka ao amin' ny sampam-pahalalana samy hafa mety manam-pirehana samihafa nefa mifameno, fitaovana hamborahany sy hampifanatrehany ny heviny eo amin' ny sahan' ny teny sy lahabolana ary riba malagasy.

Ny HIRATRA, amin' izay, etsy an-daniny, dia sehatra ifamo-toanan' ny mpikaroka amin' ny mpamaky hitafana sy hampihiratanana izay zavatra vao hita na petra-kevitra vao aroso eo amin' ny sampam-pahalalana voatondro, ho fandraisana anjara amin' ny fampahombiazana ny ezaka atao ankehitriny hanavaozana ny fomba amam-panao eo amin' ny fampianarana ambaratonga rehetra.

Ny HIRATRA, etsy an-kilany koa, dia fihaonana ifamosahan' ny mpikaroka ny heviny, ka ampifanandrinany ny drafitra amampaika ara-poto-kevitra itondrany ny fikarohana. Ilaina sady mahasoana ny fihaonana toy izany hampitombina bebe kokoa hatrany ny fahalalana ny teny sy lahabolana ary riba malagasy, eo anivon' ny fanavaozana ankapobeny ny fampianarana, ho fandraisana andraikitra mivantana amin' ny famaritana sy famerana ny «malagasy iombonana».

Ny HIRATRA, hanatontosana izany, dia revio ampiasana tenim-pirenena maro. Sady eto an-toerana no eran-tany ny olona kendrena hamaky azy, koa mety ho amin' ny teny malagasy sy amin' ny teny frantsay na amin' ny tenim-pirenena hafa ny lahatso-ratra havoakany. Izany fampiasana tenim-pirenena maro izany no atao dia mba ho taratra amin' ny HIRATRA fa tanjona tokana ihany no kendren' ny mpikaroka mivondrona ao aminy : ho tant-raka an-tsakany sy an-davany ny fanagasiana sy ny famahoahana, ka hisokatra hihiratra amin' ny vazan-tany efatra ny fifanakalozana sy fiaraha-midinika omban' asa amin' ny samy Malagasy sy amin' ny Malagasy sy izao tontolo izao, eo amin' ny saham-pikarohana itrandrahana ny teny, ny lahabolana ary ny fomba amam-panao sy vakomanitra malagasy, omena ny anarana hoe haiteny, haivolana ary hairiba.

\*  
\*   \*

Ny HIRATRA, dia laharana anankiroa no hisehoany isan-taona. Hisokajy telo miavaka tsara, araka izay azo atao, ny amboaran-dahatsoratra hivoaka isaky ny laharana, ka ny sampam-pahalalana telo, dia ny haiteny sy ny haivolana ary ny hairiba, iasan' ny mpikaroka ao aminy, no toko telo mahamasa-nahandro

Ny HIRATRA, amin' izay, dia lahatsoratra famotopotorana momba ny teny, ny haisoratra sy lahateny nentin-drazana, ary ny fomba amam-panao sy vakomanitra, no havoakany. Koa satria ny mpampianatra «teny malagasy» isan' ambaratongany, ny mpianatra «Teny aman-tsoratra malagasy» ao amin' ny Anjerimanontolo, ary na iza na iza eto Madagasikara sy any ivelany ka mahasintona azy izay rehetra mikasika ny teny sy ny lahabolana ary ny riba malagasy, koa satria ireo rehetra ireo no itafan' ny HIRATRA, dia raisiny ho adidy ny mametra ny saha iasany tsy hihoatra ny sampam-pahalalana telo voatanisa.

\*  
\*   \*

Ny HIRATRA, amin' ity laharana voalohany ity, dia manolotra lahatsoratra dimy ho an' ny mpamaky : ny anankiroa voalohany dia fanadihadiana mifototra amin' ny haiteny; ny anankiroa manaraka, famotopotorana miantehitra amin' ny haivolana; ny anankiray farany, famakafakana miompana amin' ny hairiba.

Ady hevitra momba ny tolokevitra naroson' i J.M. Builles momba ny «Passif malgache», na ny «Fitodika amin' ny iharana ao amin' ny teny malagasy», no votoatin' ny famelabelarana ataon' i F. Andrianasolo, ka eo amin' ny sehatry ny haitsikera no anaovany izany. Mifototra amin' ny fitenina tovolahy mponina eto Antananarivo ny asan' ilay mpandinika vahiny ary fakafakain' i F. Andrianasolo ny fomba nentiny nanangona sy namantatra ny zavatra

dinihina ary koa ny fomba nentina nivaofy sy nandrasa izany zavatra dinihina izany. Dia ampifanatrehin' i F. Andrianasolo sy ampitahainy amin' ny an' i S. Rajaona ny vokatry ny fikarohana nataon' i J.M. Builles momba ny «fitodika amin' ny iharana» ao amin' ny teny malagasy raha dinihina eo amin' ny sehatry ny haiteny ara-drafitra sy araka anjara asa. Soritany indrindra ao amin' ny ady hevitra — ny fomba fanakarana ny lafin-teny amin' ny alalan' ny fanontaniana tompon-teny sy amin' ny fampiasana santionan-teny, — ny fifandraisana mampifameno ny hevitra sy ny endrika ary — ny anjara toerana tokony homena ny toe-teny ankapobeny (iraisan' ny tenin' olombelona rehetra) sy ny toe-teny manokana (an' ny firenena iray) eo amin' ny fandinihana ny teny iray.

Ao amin' ny lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe : «Double diathèse en malgache», na «Ny fitodika sosona ao amin' ny teny malagasy», kosa no anohanana' i R.B. Rabenilaina, amin' ny fampiasana ny tsikera ara-piofohana, fa tsy misaraka akory, araka ny iheverana azy ao amin' ny tsikera ara-drafitra, ny endrika ivelany sy ny hevitra, fa miara-dalana kosa. Manamarina izany ny fifandraisana misy eo amin' ny fehezanteny mihatra sy ny fehezanteny tsi-mihatra, izay matoanteny iray fototra mitovona *man-/mana-* sy *mi-* no samy matoanteniny avy. Tsikaritry ny mpanoratra amin' izany fa ny sivana, toy ny ara-tsinjara toerana sy ara-pamadivana izay tsy ijerena afa-tsy ny endrika ivelany, dia tsy manan-kery hanaporofoa-na ny fisian' ny fitodika sosona. Kanefa kosa ny sivana, toy ny ara-pitovian-kevitra, izay toa mifototra amin' ny hevitra, dia manan-kery be lavitra hanabaribariana, amin' ny alalan' ny fandinihana ny «fitodika sosona», ny fiarahan-dalana misy marina eo amin' ny endrika ivelany sy ny hevitra.

Olomanga iray manana ny maha-izy azy eo amin' ny haitsikera lahatsoratra malagasy, dia RAJOELISOLO Charles, izay mpanao sombintantara nialotra ny solon' anarana hoe RAJOHARY ihany no nahalalana azy hatramin' izao, olomanga iray no ampahafantarina' i B.D. Solohery Ranarison antsika. Eo ampanoritana ny endrika misongadina indrindra teo amin' ny fiarahamonina malagasy faha zanatany, no anamarihana' ny mpanoratra ny lanjan' ny lahateny nataon-dRAJOELISOLO Charles teo amin' ny fitsimohana sy fivelaran' ny fihetsiketsehana nomena ny anarana hoe «Hitady ny very» (1932) teo amin' ny haisoratra, ka nandraisandry J.J. RABEARIVELO sy Ny Avana RAMANANTOANINA anjara. Tamin' izany no namaritana indray ny atao hoe tononkalo; niova endrika teo am-pelan-tanan' ny mpanao haisoratra mantsy izy io noho ny herin' ny materialisima tandrefana. Nanampy ny mpanoratra zazavao hanana fientanana literera izany famaritana izany, nanampy azy ireo ihany koa handinika ny asasoratra vahiny tamin' ny taonjato faha-19, ka fitodi-doha indray amin' ny harem-panahy malagasy.

Andraman' i J. Imbe ny maneho ny lafiny lehibe tokony hojerena eo amin' ny lahateny nentin-drazana malagasy, ka tanisainy

amin' izany ny fomba samy hafa mety hampiasaina handiniana ny lovantsofina, sy ny dingana misy ny fikarohana momba izany ankehitriny eto Madagasikara. Hita taratra eo am-pamakiana ny sava ranonando ataon' ny mpanoratra fa ny firafiny sy ny anjara asany ary ny lanjany no anisan' ny ankafizan' ny manam-pahaizana indrindra ny lahateny nentin-drazana malagasy.

Fomba fenti-mandinika antsoiny hoe «materialista dialektika» no ampiasain' i L.P. Randriamarolaza hanatsoahana, avy amin' ny fandraisany ny takahotsy bara iray, ny atao hoe anjara, lahatra ary vintana ao amin' ny toe-tsaina nentim-paharazana malagasy. Ankoatra izany, dia mbola io haitsikera io ihany no ampiharin' ny mpanoratra handrosoana petra-kevitra mahaliana anankiray momba ny nety ho nisehoan' ny hoe tendry ao amin' ny foto-pisainana malagasy, ka zava-nisy teo amin' ny tantara sy fitondrana ara-toe-karena faha tany gasy no fototra iaingany hanaovana izany.